# MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT, DES EAUX ET FORETS

## DECRET N° 2003-439
## instituant une Cellule environnementale au sein de chaque ministère

*Le Premier Ministre, Chef du Gouvernement,*

Vu la Constitution,

Vu la loi n° 90-033 du 21 décembre 1990 portant charte de l'environnement, modifiée et complétée par la loi n° 97-012 du 6 juin 1997,

Vu la loi n° 93-005 du 26 janvier 1994 portant orientation générale de la politique de décentralisation,

Vu la loi organique n° 2000-016 du 29 août 2000 déterminant le cadre de la gestion des propres affaires des Provinces autonomes,

Vu la loi n° 94-007 du 21 mars 1994 relative aux pouvoirs, compétences et ressources des collectivités territoriales,

Vu le décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 relatif à la mise en compatibilité des investissements avec l'environnement,

Vu le décret n° 2003-007 du 12 janvier 2003 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-008 du 16 janvier 2003 portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-100 du 11 février 2003 fixant les attributions du Ministre de l'Environnement, des Eaux et Forêts, ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Sur proposition du Ministre de l'Environnement, des Eaux et Forêts,

En conseil de Gouvernement,

*Décrète :*

### CHAPITRE PREMIER
### Dispositions générales

Article premier. – En application des dispositions de l'article 7 de la loi modifiée n° 90-033 du 21 décembre 1990 portant charte de l'environnement et de celles de l'article 2 du décret n° 99-954 du 15 décembre 1999 relatif à la mise en compatibilité des *investissements avec l'environnement* (décret MECIE), il est institué au sein de chaque ministère une Cellule environnementale

amin' ny tontolo iainana (didim-panjakana *MECIE*), dia atsangana eo anivon' ny minisitera tsirairay ny Vondrona momba ny tontolo iainana eo anivon' ny rafitra tsirairay anapariaham-pahefana ao amin' ny minisitera voakasika, ka ny andraikitra sy ny raharaha dia soritana ao amin' ny andininy faha-3 etsy ambany.

And. 2. – Ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia rafitra iray atsangana eo anivon' ny minisitera tsirairay avy isam-paritra. Izy no hiandraikitra ny fampirindrana ny manodidina ny tontolo iainana ao amin' ny politika isam-paritra avy sy ikendrena ny fampandrosoana maharitra.

And. 3. – Ao anatin' ny faritry ny raharaha izay nomena azy, ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia tompon' andraikitra amin' ny fandrindrana ny asa momba ny tontolo iainana avy amin' ny anjara raharahan ny minisiterany.

Ankoatr' izany, ireo raharaha ireo dia mahakasika ny :

1. *Eo amin' ny lafiny didy amam-pitsipika :*

– mitandro ny fampiharana ny rijan-tenin-dalàna sy fitsipika mikasika ny fitantanana ny tontolo iainana;

– manolotra sy/na mandray anjara amin' ny famolavolana ny rijan-teny mikendry ny fampirindrana ny manodidina ny tontolo iainana eo anivon' ny minisitera avy ary koa ny fampiharana azy ireo;

– manao izay hisian' ny fifandraisana eo amin' ny fitsipika isam-paritr' izy ireo amin' izay mikasika ny tontolo iainana, ary koa hisian' ny fifandraisana eo amin' ny paika arahina isam-paritra amin' izay an' ny tontolo iainana.

2. *Eo amin' ny lafiny teknika :*

– mandray anjara amin' ny fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny tontolo iainana ka iantohana amin' izany ny fampiroboroboana ny fiarovana sy ny fitantanana ny tontolo iainana ao anatin' ny sehetry ny asa voakasika;

– mampiroborobo ny fampiasana tsara ny loharanon-karena voajanahary azo havaozina ao anatin' ny sehatry ny asa voakasika;

– mampiroborobo ny ady atao amin' ny fandotoana sy ny fanimbana ary ny fako ateraky ny asa ao anatin' ny sehatry ny asa voakasika;

– mampiroborobo ny asam-panabeazana momba ny tontolo iainana eo amin' ireo mpandraharaha ao amin' ny sampan-draharaha anapariaham-pahefana eo amin' ny sehatry ny asa voakasika;

– mandray anjara amin' ny famantarana ny mety ho fihasimban' ny tontolo iainana sy manolotra ny fepetra fampihenana sy fanonerana ary fisorohana izany eo amin' ny sehatry ny asa voakasika;

– mandray anjara amin' ny famolavolana ny fitaovana ara-teknika momba ny fitantanana ny tontolo iainana (fanarahampenitra, tari-dàlana...);

– miantoka ny fanaraha-maso sy ny fizohina ny endriky ny tontolo iainan' ny asa eo amin' ny sehatry ny asa voakasika;

– miantoka ny fitantanana ny fitarainana sy ireo olana rehetra momba ny tontolo iainana miankina amin' ny sehatry ny asa voakasika, iarahana miasa amin' ireo manam-pahefana mahefa hafa;

– mandray anjara amin' ny asan' ireo komity isan-karazany na ireo vondrona mpandinika hafa mikasika ny tontolo iainana;

– misolo tena ny minisiteran' izy ireo avy eo anivon' ny Komity teknika mpanombana *(CTE)* natokana ho amin' izany nampiandraiketin' ny didim-panjakana *MECIE* hanao ny fanombanana ny antontan-taratasy momba ny fanadihadiana ny fiantraikany amin' ny tontolo iainana *(EIE)*. Na izany aza anefa, raha ilaina izany, ny Vondrona momba ny tontolo iainana voakasika dia afaka miantso fari-pahefana hafa avy amin' ny minisiterany na antokon-draharaha miankina;

– manombantombana ny antontan-taratasy momba ny fandaharanasa fidirana andraikitra amin' ny tontolo iainana *(PREE)* miankina amin' ny minisiteran' izy ireo avy, araka ny fepetra voalazan' ny didim-panjakana *MECIE* voalaza etsy ambony.

et en tant que de besoin, une Cellule environnementale au niveau de chaque structure déconcentrée du ministère concerné, dont les rôles et les missions sont définis à l'article 3 ci-dessous.

Art. 2. – La Cellule environnementale est une structure créée au sein de chaque ministère sectoriel. Elle est chargée de l'intégration de la dimension environnementale dans les politiques sectorielles respectives et, dans une optique de développement durable.

Art. 3. – Dans le cadre des missions qui lui sont dévolues, la Cellule environnementale est responsable de la cooordination des actions environnementales résultant des attributions de son ministère.

Ces missions consistent, entre autres, à :

1. *Sur le plan réglementaire :*

– veiller à la mise en application des textes législatifs et réglementaires relatifs à la gestion de l'environnement;

– proposer et/ou contribuer à l'élaboration des textes visant l'intégration de la dimension environnementale au sein de leur ministère respectif ainsi que leur mise en application;

– procéder à la mise en cohérence de la réglementation de leur secteur avec celle relative à l'environnement, ainsi qu'à la cohérence de la procédure sectorielle avec celle de l'environnement.

2. *Sur le plan technique :*

– participer à la mise en œuvre de la politique nationale de l'environnement en assurant la promotion de la protection et de la gestion de l'environnement dans le secteur d'activité concerné;

– promouvoir une meilleure utilisation des ressources naturelles renouvelables dans le secteur d'activité concerné;

– promouvoir la lutte contre les pollutions, nuisances et déchets causés par les activités dans le secteur d'activité concerné;

– promouvoir les actions d'éducation environnementale auprès des agents des services déconcentrés du secteur d'activité concerné;

– contribuer à l'identification des risques de dégradation de l'environnement et proposer des mesures d'atténuation, de compensation et de prévention dans le secteur d'activité concerné;

– contribuer à l'élaboration d'outils techniques de gestion de l'environnement (normes, guides...);

– assurer le contrôle et le suivi des aspects environnementaux des activités dans le secteur d'activité concerné;

– assurer la gestion des plaintes et de tous problèmes environnementaux relevant du secteur d'activité concerné, en collaboration avec les autres autorités compétentes;

– participer aux travaux des différents comités ou autres groupes de réflexions en matière environnementale;

– représenter leur ministère respectif au sein du Comité Technique d'Evaluation (CTE) *ad hoc* chargé par le décret MECIE de l'évaluation des dossiers d'Etude d'Impact Environnemental (EIE). Toutefois, le cas échéant, la Cellule environnementale concernée peut faire appel à d'autres compétences de son ministère ou des organismes rattachés;

– évaluer les dossiers de Programme d'Engagement Environnemental (PREE) relevant de leur ministère, conformément aux dispositions du décret MECIE suscité.

3. *Eo amin' ny lafiny fifandraisana :*

– miantoka ny fampielezana ny vaovao momba ny tontolo iainana eo amin' ny samy minisitera ary koa ireo manam-pahefana hafa ary mpiombon' antoka voakasiky ny fitantanana ny tontolo iainana;

– mitandro ny fanamafisana ny fiaraha-mientana mikasika ny fifandraisana eo amin' ny sehatra sy ny vondrona isan-karazany voakasiky ny fitantanana ny tontolo iainana.

## TOKO II
## Ny amin' ny fandrindrana ny Vondrona momba ny tontolo iainana

And. 4. – Ny fandrindrana ny Vondrona momba ny tontolo iainana ivelan' ny asan' ireo minisiterany avy dia iantohan' ny minisitera miandraikitra ny Tontolo iainana.

Mba hisian' ny fiaraha-mientana tsara eo amin' ny asan' izy ireo avy, ny minisitera miandraikitra ny Tontolo iainana dia hiantoka ny fananganana ny "Vovonan' ireo Vondrona momba ny Tontolo iainana".

And. 5. – Ny "Vovonan' ireo Vondrona momba ny tontolo iainana" dia ampiasaina ho mpisolo tena sy mpanohana aratolokevitra amin' ireo manam-pahefana momba ny tontolo iainana, amin' ireo minisitera hafa isam-paritra, amin' ny rafitra itsinjaram-pahefana, amin' ireo mpandraharaha sy mpiombon' antoka hafa ho an' ny raharaha mikasika ny tontolo iainana miankina amin' ny minisitera voakasika tsirairay avy.

## TOKO III
## Ny amin' ny fandaminana ny Vondrona momba ny tontolo iainana

And. 6. – Ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia rafitra iray miankina amin' ny rantsana mpanapa-kevitra eo anivon' ny minisitera voakasika. *Izy dia mitovy laharana amin' ny sampandraharaha farafahakeliny.*

And. 7. – Ny Vondrona momba ny tontolo iainana tsirairay avy dia ahitana lehiben' ny Vondrona iray, avy ao amin' ny firaisandraharahan' ny mpiasam-panjakana ao amin' ny sokajy V farafahakeliny, sy mpandraharaha teknika iray mahefa ahitana ny fisoloan-tenan' ny sehatr' asa tsirairay avy, araka izay azo atao eo anivon' ny minisitera voakasika.

Ny mpikambana ao amin' ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia tsy maintsy manana fiofanana iray sy fari-pahefana iray mikasika ny tontolo iainana.

## TOKO IV
## *Ny amin' ny loharanom-bola sy ny fandaniana*

And. 8. – Ny fandaniana amin' ny fampandehanana ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia ampizakaina ny sorabola nomena ny minisitera voakasika tsirairay avy. Ankoatr' izany, ny Vondrona momba ny tontolo iainana dia mahazo fanohanana arabola sy fanomezana fitaovana avy amin' ny mpiombon' antoka any ivelany.

## TOKO V
## Fepetra tetezamita

And. 9 – Ireo mpikambana ao amin' ny Vondrona momba ny tontolo iainana ankehitriny dia hanohy hanao ny andraikitra sy asan' izy ireo mandra-pametrahana ny rafitra vaovao eo anivon' ny minisitera tsirairay avy.,

## Toko VI
## Fepetra farany

And. 10. – Raha ilaina dia hisy rijan-tenin' ny didy amampitsipika horaisin' ireo minisitera voakasika miaraka na tsia amin' ny minisitera miandraikitra ny tontolo iainana, mba hametra ny fombafomba fampiharana ity didim-panjakana ity.

3. *En matière de communication :*

– assurer la diffusion des informations environnementales intra ministérielles ainsi qu'aux autres autorités et partenaires concernés par la gestion de l'environnement;

– veiller au renforcement de la synergie en matière de communication entre *le secteur et les différentes entités concernées* par la gestion de l'environnement.

## CHAPITRE II
## De la coordination des Cellules environnementales

Art. 4. – La coordination des Cellules environnementales en dehors des activités de leur ministère respectif est assurée par le ministère chargé de l'Environnement.

Afin de permettre une meilleure synergie de leurs actions respectives, le ministère chargé de l'Environnement veillera à l'instauration d'une "Plate-forme des Cellules environnementales".

*Art. 5 – La "Plate-forme des Cellules environnementales" sert* d'interface et d'appui-conseils aux autorités environnementales, aux autres ministères sectoriels, aux structures décentralisées, aux opérateurs et autres partenaires pour les questions environnementales relevant de chaque ministère concerné.

## CHAPITRE III
## De l'organisation de la Cellule environnementale

Art. 6. – La Cellule environnementale est une structure rattachée à un organe décisionnel au sein du ministère concerné. *Elle a, au moins, rang de service.*

Art. 7. – Chaque Cellule environnementale est composée d'un chef de Cellule, appartenant au moins au corps des fonctionnaires de la catégorie V et d'un personnel technique compétent reflétant, dans la mesure du possible, une représentativité de chaque secteur d'activité au sein du ministère concerné.

Les membres de la Cellule environnementale devront posséder une formation et une compétence en matière environnementale.

## CHAPITRE IV
## *Des ressources et des dépenses*

Art. 8. – Les dépenses de fonctionnement de la Cellule environnementale sont imputées sur le crédit alloué à chaque ministère concerné. En outre, la Cellule environnementale peut bénéficier d'appui financier et de dotation en matériels provenant de partenaires extérieures.

## CHAPITRE V
## Dispositions transitoires

Art. 9. – Les membres des Cellules environnementales actuelles continueront d'exercer leurs rôles et fonctions jusqu'à la mise en place de nouvelles structures au sein de chaque ministère.

## CHAPITRE VI
## Dispositions finales

Art. 10. – Des textes réglementaires seront pris, en tant que de besoin, par les ministères concernés conjointement ou non avec le ministère chargé de l'Environnement, afin de fixer les modalités d'application du présent décret.

And. 11. – Ny Praiminisitra-Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisitry ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany, ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Rano sy Ala, ny Minisitra ao amin' ny Fiadidiana ny Repoblika miandraikitra ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena ary ny Kaominina, ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanjonoana, ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola, ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika, ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany, ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana sady Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Fizahan-tany, ny Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fampandrosoana ny Sehatr' asa tsy miankina amin' ny Fanjakana, ny Minisitry ny Fifandraisan-davitra sy ny Paositra ary ny Fifandraisana, ny Minisitry ny Fahasalamana, ny Minisitry ny Asam-panjakana, ny Minisitry ny Asa sy ny Lalàna sosialy, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena ary ny Fialam-boly, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga faharoa sy ny Fanabeazana fototra, ny Minisitry ny Kolontsaina, ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozana ny fitondran-draharaham-panjakana, ny Minisitry ny Mponina, no miadidy araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo, ny 27 marsa 2003.

Jacques SYLLA.

Avy amin' ny Praiminisitra sady Lehiben' ny Governemanta :

*Ny Praiminisitra-Lefitra miandraikitra ny Fandaharanasa ara-toekarena, Minisitry ny Fitaterana sy ny Asa vaventy ary ny Fanajariana ny Tany,*
RAMANDIMBIARISON Zaza Manitranja.

*Ny Minisitra ao amin' ny Fiadidiana ny Repoblika miandraikitra ny Fitsinjaram-pahefana, ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena sy ny Kaominina,*
ESOAVELOMANDROSO Andréas Monique.

*Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola,*
RADAVIDSON Andriamparany.

*Ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany,*
RABARISON Jacquis.

*Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fanavaozana ny fitondran-draharaham-panjakana,*
RAMBELOALIJAONA Jean Seth.

*Ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Fanjonoana,*
RANDRIASANDRATRINIONY Yvan.

*Ny Minisitry ny Fampianarana ambaratonga ambony sy ny Fikarohana siantifika,*
RANJIVASON Jean Théodore.

*Ny Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana,*
RAJAONAH Alice.

*Ny Minisitry ny Fizahan-tany,*
MAHAZOASY Roger.

*Ny Minisitry ny Fifandraisan-davitra sy ny Paositra ary ny Fifandraisana,*
RAZAFINJATOVO Hajanirina.

*Ny Minisitry ny Asam-panjakana,*
RAZAFINDRALAMBO Vola Dieudonné.

*Ny Minisitry ny Raharaham-bahiny,*
Ny *Général de Corps d'Armées* RANJEVA Marcel.

*Ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena,*
Ny *Général de Division* MAMIZARA Jules.

Art. 11. – Le Vice-Premier Ministre chargé des Programmes économiques, Ministre des Transports, des Travaux publics et de l'Aménagement du Territoire, le Ministre de l'Environnement, des Eaux et Forêts, le Ministre auprès de la Présidence de la République chargé de la Décentralisation, du Développement des Provinces autonomes et des Communes, le Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche, le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget, le Ministre de l'Enseignement supérieur et de la Recherche scientifique, le Ministre de l'Energie et des Mines, le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice, le Ministre du Tourisme, le Ministre de l'Industrie, du Commerce et du Développement du Secteur privé, le Ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication, le Ministre de la Santé, le Ministre de la Fonction publique, le Ministre du Travail et des Lois sociales, le Ministre des Affaires étrangères, le Ministre de la Sécurité publique, le Ministre de la Jeunesse, des Sports et des Loisirs, le Ministre de la Défense nationale, le Ministre de l'Enseignement secondaire et de l'Education de base, le Ministre de la Culture, le Ministre de l'Intérieur et de la Réforme administrative, le Ministre de la Population, sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 27 mars 2003.

Jacques SYLLA.

Par le Premier Ministre, Chef du Gouvernement :

*Le Vice-Premier Ministre chargé des Programmes économiques, Ministre des Transports, des Travaux publics et de l'Aménagement du Territoire,*
RAMANDIMBIARISON Zaza Manitranja.

*Le Ministre auprès de la Présidence de la République chargé de la Décentralisation, du Développement des Provinces autonomes et des Communes,*
ESOAVELOMANDROSO Andréas Monique.

*Le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget,*
RADAVIDSON Andriamparany.

*Le Ministre de l'Energie et des Mines,*
RABARISON Jacquis.

*Le Ministre de l'Interieur, et de la Réforme administrative*
RAMBELOALIJAONA Jean Seth.

*Le Ministre de l'Agriculture, de l'Elevage et de la Pêche,*
RANDRIASANDRATRINIONY Yvan.

*Le Ministre de l'Enseignement supérieur et de la Recherche scientifique,*
RANJIVASON Jean Théodore.

*Le Garde des Sceaux, Ministre de la Justice,*
RAJAONAH Alice.

*Le Ministre du Tourisme,*
MAHAZOASY Roger.

*Le Ministre des Télécommunications, des Postes et de la Communication,*
RAZAFINJATOVO Hajanirina.

*Le Ministre de la Fonction publique,*
RAZAFINDRALAMBO Vola Dieudonné.

*Le Ministre des Affaires étrangères,*
Le Général de Corps d'Armées RANJEVA Marcel.

*Le Ministre de la Défense nationale,*
Le Général de Division MAMIZARA Jules.